


## TENY FANOLORANA

Fifaliana ho an'ny ekipa PIA SERA no manao izao teny fanolorana izao, ho an'ity andiany voalohany ity. Hiezaka izahay hamoaka ny gazety bokintsika isaky ny enim-bolana.

Ny tetik'asa PIA dia tetik'asan'ny Ministera misahana ny tontolo iainana sy ny fandrosoana lovain-jafy. Ny tanjon'ny tetik'asa dia ny fiarovana ireo harena voajanahary, ny fikajiana ny nofon-tany, ary ny fampiroboroboana ny angovo maharitra, ho an'ny faritra Atsinanana, fa indrindra ho an'ny Distrikan'i Vatomandry sy Brickaville.Telo toko mahamasa-nahandro ho fanatsarana ny tolotra omen'ny Rohivoary ho an'ity faritra nanana ny lazany teo amin'ny Ala ity, fa saingy efa simba noho ny fampiasana tsy araka ny fenitra ny tany sy ny fampiasana mihoampapana ny àla ho loharanon'angovo (kitay sy saribao). Ny Kaominina Anjahamana, Anivorano-Est, Brickaville, Vatomandry ary Ambalabe, no handray ireo asa mivantana izay entin'ny tetik'asa. Fa ireo kaominina hafa kosa dia hahazo fanofanana , ao anatin'ny fanapariahana ny tombotsoa entin'ny tetik'asa.

Ato anatin'ny 5 taona, noho izany dia:
- 4 800 ha no velaran'ny faritra arovana hahazo tantsoroka avy amin'ny tetik'asa.
- 500 ha ny nofon-tany ho voaharina (manodidina sy anatin'ny faritra arovana)
- 300 ha no velaran-tany hambolena bamboo sy hazo hafa ho famatsiana ny milina famokarana herin'aratra
- 25 KWH no angovo ho vokarina (gazéification)
- Lalàna samihafa no hovolavolaina hahafahana manaparitaka ity paik'ady maharitra ho fijajiana ny rohivoary ity eo amin'ny sehatra nasionaly.

Mandrapanoratra indray ho an'ny andiany faharoa ho an'ny PIA SERA, izay hivoaka afaka enim-bolana.

# HAHITANAO:

- Fivondronan'ireo mpiantsehatry ny tetik'asa PIA
- Tondro ZOTRA n'ny tetik'asa
- fifanaraham-piarahamonina entina miaro ireo Voary
- Fikaonan-doha itadiavam-bahaolana eo amin'ny lafiny fananan-tany
- fitsirihana ireo faritra hanaovana fanarenana
- tahirin-kevitra mirakitra ny Angovo ho an'ny tontolo ambanivohitra, eto amin'ny faritra atsinanana
- fanombohan'ny asa fambolena bamboo
- fanentanana notarihin'ny Faritra atsinana ho fandresen-dahatra ireo fokonolona eny ifitony

Famokarana_PIA Janoary 2022
Andiany 1
Mailaka: pia_sera@yahoo.fr

## NAVONDRONA IREO MPIANTSEHATRA ETO AMIN'NY FARITRA ATSINANANA HANARAMASO NY FANATANTERAHINA NY TANJON'NY TETIK'ASA

Ao anatin'ny fanatanterahana ny tanjon'ny tetik'asa PIA, ho fanatsarana ny tolotra omen'ny rohivoary eto amin'ny faritra Atsinanana, amin'ny alalan'ny famokarana maharitra (agroécologie) sy ny fampiroboroboana ny angovo maharitra ; dia notanterahina teto Toamasina, ny 1 sy 2 Jolay 2021 ny atrik'asa iraisan'ny tompon'andraikitra samihafa avy amin'ny faritra Atsinanana, ho fametrahana ny fototra ho amin'ny « fananganana sehatra marolafy, ho fandrindrana ny fikajiana ny tany , ny Voary , ary ny angovo maharitra »



Ireo ny tompon'andraikitra isan-tsokajiny avy amin'ny faritra Atsinanana, hanao ny fandrindrana marolafy

Ity no atrik'asa voalohany nentina hampahafantarana ho an'ireto tompon'andraikitra samihafa avy amin'ny faritra Atsinanana ireto, ny antom-pisian'ny tetik'asa sy ny tanjony. Ity ihany koa no sehatra nanentanana ireto mpiantsehatra ireto mba hanome tànana, sy hazoto eo amin'ny fanaraha-maso ny fizotry ny tetik'asa. Ny faritra Atsinanana tokoa mantsy no nosafidian'ny MEDD hanaovana mivantana ity tetik'asa ity. kaominina dimy no hanaovana asa mivantana, fa saingy kosa ireo kaominina miisa 19 ao anatin'ny Distrikan'i Vatomandry sy Brickaville dia hahazo tombotsoa ihany koa amin'ny alalan'ny fanofanana

### Napetraka ny tondro zotra ho fiarovana ny voary, ho fanatsarana ny nofon-tany, ary ho fampiroboroboana ny angovo maharitra, ho an'ny faritra Atsinanana

Mba hahafahan'ny rafitra fandrindrana marolafy (izay voalaza etsy ambony), manao ny asa fandrindrana ireo mpiantsehatra sy ny asa mahakasika ny fiarovana ny voary, ny fanatsarana ny nofon-tany, ary ny fampiroboroboana ny angovo maharitra, ho an'ny faritra Atsinanana ; dia napetraka ny Tondro Zotra, izay niarahan'ireo mpiantsehatra namolavola ihany.

Izy io dia tahiri-kevitra manan-danja, mirakitra ny fomba fitantanana mifanaraka amin'ny tontolo iainana ao amin'ny àla mando any atsinanan'i Madagasikara. Manampy betsaka ihany koa ny mpitantana ny faritra Atsinanana izy ity, satria dia hahafahana mandray fanapahan-kevitra hiantohana ny fiarovana ny tontolo iainana ao amin'ny àla mando eto Madagasikara.

Arak'izany dia namoaka Didm-paritra ny Governeran'ny faritra Atsinanana, mba hampanankery izany tondro zotra izany eo amin'ny faritra Atsinanana

### Natao ny laobary an-dasy, ijerevana ifotony ny vahaolana hahafahana miantoka ny filaminana eo amin'ny lafiny fananan-tàny.

Ity tetik'asa ity dia hiasa eo ambony velaran-tany midadasika, amin'ny alalan'ny asa fanarenana ny nofon-tany, sy ny fambolena ny Bamboo hamatsiana ny milina mamokatra herin'aratra sy famokarana saribao bamboo. Ilaina noho izany ny filamin'ny lafiny fananan-tàny, izay ahitana olana betsaka manerana ny nosy ankehitriny.

Natao arak'izany, ny 15 Novambra 2021 tao Vatomandry, ny fikaonan-doha teo amin'ireo tompon'andraikitra avy amin'ny sampan-draharaha misahana ny fananan-tany, mba itadiavana vahaolana maharitra ny amin'izany lafiny fananan-tany izany. Araka ny atotam-baovao azo mantsy dia mbola misoratra amin'ireoVoanjo «colon» ny ankamaroan'ireo tany izay ajarian'ny tantsaha amin'iny faritra iny.

Ny tanjon'ny tetik'asa nefa dia tsy oe mandritra ny tetik'asa ihany no hanaovana ireo asa izay manatsara ny tolotra omen'ny Rohivoary, fa mba ho lasa fiainan'ny fokonolona io fiovana izay nentin'ny tetik'asa io.

**Nanomboka ny fanetsehana ireo mpiantsehatra samihafa eny ifotony, amin'ny firosoana mankany amin'ny asa fanarenana ireo àla sy nofon-tany izay simba amin'ny kaominina Anjahamana sy Ambalabe.**

Paik'ady nosafidiana mba hampahomby ity asa fanarenana ny àla sy ny nofon-tany ity, ny fampandraisan' andraikitra ireo fokonolona mipetraka ao anatin'ireto kaominina iasana, fa indrindra ireo izay mipetraka manodidina ireo faritra arovana (Vohibe ao Ambalabe ary Mangerivola ao Anjahamana). Izany fiaraha-miasa izany dia ho voarakitra ao anaty fifanarahana ho soniavin'ny fokonolona etsy andaniny, ary ny tetik'asa etsy ankilany. Fa ambonin'izany, ny asa fanarenana rehetra dia ho voarakitra ao anatin'ny drafi-panarenana, izay hiarahana amin'ny mpiantsehatra eny ifotony mamolavola, miaraka amin'ireo teknisian'ny MEDD sy ny tetik'asa. Marihina fa ny ANAE no mpiara-miombon'antoka nosafidian'ny MEDD, amin'ny fanatanterahina ity asa fanarenana ny àla sy ny nofon-tany ity.

Arak'izany, ireto asa manaraka ireto no nanombohana ireo ezaka mankany amin'ny fanarenana ny àla sy ny nofon-tany amin'ireo kaominina iasan'ny tetik'asa :

- Tafatsangana ireo Komity mpandrafitra ilay fifanarahana iarahana amin'ireo fokonolona hanao ny asa fanarenana ny àla sy ny nofon-tany. Misy komity iray avy ho an'ireo kaominina roa iasan'ny tetik'asa, ary ahitana ny lehiben'ny Ala, ny ANAE, ny MBG, ny MNP, ny ben'ny tanàna, ny solotenan'ireo VOI sy ireo fikambanana misehatra amin'ny fiarovana ny zavaboahary. Efa miasa tsara io komity io ankehitriny.
- Natao ireo atrik'asa teo anivon'ireo District roa, Vatomandry sy Brickaville, mba hamoriana ireo mpiantsehatra voakasik'ity fanarenana ity, ary hidinika ny hitondrana ny asa hatao amin'izany. Marihina fa 38% an'ireo nantsoina dia vehivavy avokoa, ilazana fa miandahy miambavy ny fahavononan'ireo mpiantsehatra.


Atrik'asa natao tao brickaville

Anisan'ny fitaovana nampiasaina nandritra ity atrik'asa ity ny sarintany izay manampy betsaka tokoa amin'ny fijerena ireo faritra izay mila hanaovana asa fanarenana, sy ireo asa entina miatrika izany.

- Tahoarian'ireo atrik'asa teo anivon'ny Distrika ireo, dia nisy ihany koa ny fidinana eny anivon'ny kaominina izay iasan'ny tetik'asa, mba hanangonana ireo atontam-baovao entina mandrafitra ny votoatin'ny fifanarahana iarahana amin'ny fokonolona etsy andaniny (ireo karazana tsindry, sy ny asa enti-manarina azy), ary ihany koa ireo atontankevitra enti-mandrafitra ilay drafi-panarenana ny àla sy ny nofon-tany etsy ankilany.
- Fa tsy nijanona teo amboly latabatra fotsiny ny ekipan'ny tetik'asa, fa dia natao ihany koa ny fidinana teny ankianja, mba hahafahana mamaritra ita-maso : (i) ireo faritra harenina, (ii) ireo karazan-javaboahary hifantoan'ny asa fanarenana, ary (iii) ireo mpandray anjara. .

Ho an'ny Kaomina Ambalabe, dia natao ny 17 ka hatramin'ny 22 desambra 2021 io fidinana teny ankianja io, ary nahafahana namaritra ireo faritra izay hanaovana ny asa fanarenana ny àla sy ny nofon-tany

- Toerana 1: Kaloafy, fokontany Ambinanindrano II, faritra tombanana ho 20Ha
- Toerana 2: Andavatona, fokontany Ambinanindrano II, faritra tombanana ho 50Ha
- Toerana 3: Ambalarangotra, fokontany Mahatsara, faritra tombanana ho 100Ha
- Toerana 4 : Marovany, fokontany Sahanintsina, superficie estimée à 10Ha


Tety ankianja no namaritana, niaraka tamin'ny fokonolona, ireo faritra hanaovana asa fanarenana

Ireo dia mitotaly ho 180 Ha. Marihina fa mbola mitohy ny fitsirihana ireo faritra hafa hanaovana ny asa fanarenana. Marihina moa fa 500 ha no tanjon'ny tetik'asa hanaovana ny asa fanarenana àla sy ny nofon-tany, ho an'ny kaominina roa iasan'ny tetik'asa.

## Fanatsarana ny tolotra omen'ny Rohivoary, amin'ny alalan'ny fampiroboroboana ny fampiasana ny angovo azo havaozina

Ny AIDES indray kosa no mpiara - miombon'antoka nosafidian'ny MEDD eo amin'ny asa fampiroboroboana ny fampiasana ny angovo azo havaozina, mifototra betsaka amin'ny fampiasana ny Bamboo.

Nisongadina nadritra iny enim-bolana farany iny ary ireto asa manaraka ireto :
- Natao ny fanombanana ny tahirin'angovo ho an'ny tontolo ambanivohitra, ho an'ny faritra Atsinanana, fa indrindra ho an'ireo Distrika roa izay omen'ny tetik'asa tantsoroka. Fa ny fehihevitry ny fanadihadiana dia mbola mametraka hatrany fa ny angovo avy amin'ny zavamaniry (Biomasse) no tokony hifotorana bebe kokoa, noho izy ity afaka ambolena foana, ary ny tany amin'ny faritra atsinanana raha teo mbola midadasika hahafahana mamokatra izany, ary ny sarany ho an'ny tokon-trano ihany koa dia ambany raha mitaha amin'ny loharanon'angovo hafa.

- Natao ihany koa ny fanadihadiana mahakasika ny fanjohiana ny rohim-pamantsiana ireo sehatr'asa famokaran'angovo izay tohanan'ny tetik'asa. Araka ny fanadihadiana natao, dia miisa hefatra ireo rohim-pamatsiana nanaovana fandalinana :

Ny fambolena ny bamboo, izay akora fototra mamatsy ireo rohim-pamatsiana hafa;
Ny famokarana ny herin'aratra mahatratra hatramin'ny 25 KWH
Ny famokarana ireo fatana mitsitsy
Ny fametrahana ireo lafaoro nasiam-panatsarana hamokarana saribao

Ny zava-dehibe ao anatin'ity fanadihadiana ity, dia ny fahafantarana ireo mpiantsehatra rehetra ao anatin'ireo rohim-pamatsiana, sy ny fifandraisan'ny mpiantsehatra rehetra, mba hahatonga ny seha-pamokarana angovo ho maharitra, na dia tsy eo intsony aza ny tetik'asa ao ahoriana kely ao.



- Fa anisan'ny asa fototra ao anatin'ity resaka angovo ity, dia ny famokarana ireo zanakazo bamboo, entina mamatsy ireo tanim-pambolena, izay mahatratra hatramin'ny 300 Ha, raha tsy hilaza fotsiny ny filan'ny milina mpamokatra herin'aratra.
Zava-dehibe loatra ny fanomanana ny zanak'azo satria dia hiezaka hahavita hatramin'ny 150 ha tany voavoly bamboo ho an'ity taom-pambolen-kazo 2022 ity. Izany oe zanakazo bamboo hatramin'ny 60 000 isa no ho vokarin'ireo « pépiniériste » iarahana miasa avy ao Brickaville sy ny manodidina




Tanin-janak'azo Bamboo. Eo ampanaovana «démariage» ingahy pépiniériste

Ny faritra Atsinanana moa faritra mando ka dia heverina fa ho afaka atao foana ny fambolena ny zanakazo bamboo mandritra ny taona. Misy ny fiaraha-miasa amin'ireo « piniériste» izay nomen'ny tetik'asa INBAR PROSPERER fanofanana.
Tsara ny manamarika fa noho ny fahasarotana eo amin'ny fahitana masm-boly ho an'ny Bamboo, dia nisafidy ny tetik'asa ny fampitomboana amin'ny alalan'ny fanamaroana miainga amin'ny zanany « démariage », izany oe raha azavaina amin'ny fomba tsotra, dia ny tsiry vaovao avy amin'ireo zanaka bamboo ao anaty tanin-ketsa bamboo ireo ihany no afindra ho lasa zanakazo bamboo mahaleo tena, ary ity farany indray no angalana tsiry hafa izay hafindra ihany koa, dia toy izay hatrany hatrany.

## Fanentanana ny eny ifotony handray anjara mavitrika amin'ny fanantanterahana ny tetikasa PIA

Efa iarahantsika mahalala moa fa ny Distrikan'i Vatomandry sy Brickaville eto amin'ny Faritra Atsinanana, no voasafidin'ny MEDD hanatanerahina ny tetik'asa PIA, ary ny kaominina 5 ao anatin'izy ireo no hanaovana ny asa mivantana ety ampiandohana, dia ny kaominina Vatomandry, Brickaville, Anjahamana, Ambalabe, ary Anivorano Est.
Manoloana izany tombotsoa lehibe izany, dia mahatsiaro ho manana adidy ny tompon'andraikitra eo anivon'ny faritra Atsinanana, sy ireo lehiben'ny Distrika roa voakasika, eo amin'ny fanentanana ireo fokonolona ao anatin'izany Kaominina izany, mba hahatonga azy ireo ho mpandray anjara fototra mandritry ny fanatanterahina ny asa, eny fa na dia ho tapitra ihany koa aza ity tetik'asa ity.
Arak'izany dia nanatanteraka fidinana ifotony ny Delegasiona mafonja izay notarihin'ny Sekretera Jeneralin'ny Faritra Atsinanana, ary nahitana ny lehiben'ny Distrika roa, ny ekipan'ny DREDD Atsinanana. Satria tokoa mantsy, ny fahavononan'ny vahoaka eny ifotony, ary ny fandraisan'andraikitra sy ny fanaraha-mason'ny tompon'andraikitra ara-panjakana no antoka mampahomby ny PIA.



Nitondra ny fanentanana eto Ingahy Chef Distrika

Rehefa vita ny tao amin'ny Distrikan'i Brickaville, ny Delegasiaona notarihin'ny SJ faritra, dia nitsidika ihany koa  ny tao amin'ny kaominina Ambalabe sy Vatomandry, ny 15 ka hatramin'ny 19 novambra 2021.

Hatrany hatrany dia vahoaka maro be tokoa no tonga nitafa tamin'ireto solotenam-panjakana ireto, ary na ny kely na ny lehibe, na ny lahy nany vavy dia tonga daholo. Ary dia liana tanteraka ny amin'ny fanentanana izay netin'ireto tompon'andraikitra ireto.
Ety ampamaranana, tsara ihany ny manisy fanamarihana ny amin'ny toetry ny làlana mandeha mankany amin'ny kaominina Anjahamana sy Ambalabe. Tena tany lavitra Andriana tokoa raha ny itanay maso. Mitaraina ny mponina amin'ny famoahana ny vokatra, satria dia sahirana ny fiara 4*4 mandeha amin'ny làlana atao amin'ny adi-pamantaran'andro efa ho 6 (Anjahamana-Brickaville), raha toa ka tsy mantsy mandeha dia antongotra adiny telo sy mandeha lakana adiny 5 (ho an'ny Ambalabe-vatomandry).

Ny 19 ka hatramin'ny 23 oktobra 2021, dia nanantanteraka fidinana tany amin'ny kaominina Anjahamana, Anivorano Est sy Brickaville nireto delegasiona ireto, nijery ifotony ny zava-misy any an-toerana, nampahafantatra ny tombon-tsoa ateraky ny PIA, ary nanentana ireo vahoaka eny ifotony mba handray anjara mavitrika amin'ity tetikasa ity. Nisy ihany koa ny fihainoana ireo hetahetan'ny mponina mba ampifanarahana ny tetikasa amin'ny zava-misy eny ifotony ka ampahomby ny tetikasa PIA.  Izany no natao dia mba hahatratrarana ny tanjona «fandrosoana lovainjafy».
Nisy ihany koa ny fanamafisana ny fahalalana mahakasika ny lalàna velona sy ny fahaiza-manaon'ireo tompon'andraikitra ara-panjakana sy vahoaka eny ifotony momba ny ady amin'ny afo mba tsy ho rava ny ezaka efa vita hatrizay ho fanatsarana ny rohivoahary.



Tonga maro hatrany ireo fokonolona

Nampanantena ny moa ny Sekretera jeneralin'ny Faritra fa hamory ireo tompon'andraikitra rehetra eto amin'ny Distrika voakasika, ka tsy maintsy hisy ny fanamboarana ny làlana amin'ireo Kaominina saro-dalana ireo.